

Fanasitranana Tsy Mampiasa Fanafody

Ho an'ny ankabeazan'ny aretina dia tsy ilaina ny fanafody. Manana ny fiarovany na fomba hanoherana na hiadiana amin'ny aretina ny vatantsika. Amin'ny ankabeazan'ny tranga, ireo fiarovana voajanahary dia tena zava-dehibe tokoa ho an'ny fahasalamantsika noho ny fanafody.

**Ny olona dia mety sitrana amin'ny ankabeazan'ny aretina
—ao anatin'izany ny sery sy 'gripa' mahazatra—amin'ny herin'ny
tenany, tsy mila fanafody.**

Mba hanampiana ny vatana hiady na handresy ny aretina iray, matetika dia tena ilaina ny:

fahadiovana

fakàna aina betsaka

fihinanana sakafo tsara
sy fisotroana rano betsaka



Eny fa na dia tena marary be aza, amin'ny fotoana mety tena ilàna fanafody, **ny vatana no tsy maintsy maharesy ilay aretina**; ilay fanafody dia manampy fotsiny ihany. Ny fahadiovana, fakàna aina, sakafo be otrikaina, ary rano betsaka dia tena zava-dehibe hatrany.

Ny ankabeazan'ny fahaiza-mitsabo fahasalamana dia tsy—ary tsy tokony—miankina amin'ny fihinanana fanafody. Na dia mipetraka amin'ny faritra tsy misy fanafody moderina aza ianao, maro ny zavatra azonao atao mba hisorohana na hitsaboana ny ankabeazan'ny aretina mahazatra—raha ianaranao ny fanaovana izany.

Maro ireo aretina azo sorohina na tsaboina tsy ampiasàna fanafody

Raha mianatra fotsiny ny fomba fampiasana ny rano amin'ny tokony ho izy, izany fotsiny ihany dia mahavita be amin'ny fisorohana sy fitsaboana aretina noho ireo fanafody rehetra ampiasain'izy ireo... na ampiasainy tsy amin'ny tokony ho izy.

FANASITRANANA AMIN'NY ALALAN'NY RANO

Ny ankabeazantsika dia afaka miaina tsy misy fanafody. Saingy tsy misy afaka miaina tsy misy rano. Raha ny marina dia mihoatra ny antsasaky ny vatan'ny olombelona (57%) dia rano avokoa. Raha ny olona rehetra izay mipetraka amin'ny toeram-piompiana sy tanàna iray no mampiasa ny rano araky ny tokony ho izy dia hihena ny aretina sy ny fahafatesana—indrindra eo amin'ny ankizy.

Ohatra: ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny rano dia fototry ny fisorohana sy fitsaboana ny aretim-pivalanana. Amin'ny faritra maro, ny aretim-pivalanana no antony tena mankarary sy mahafaty ny zaza indrindra. Ny rano maloto (tsy madio) matetika dia anisan'ny antony.


Ny ampahany lehibe amin'ny fisorohana ny aretim-pivalanana sy aretina maro hafa dia ny fahazoana antoka fa madio ny rano fisotro. Arovy amin'ny loto sy ny biby ny lava-drano sy ny loharano amin'ny alalan'ny famefena na fanaovana rindrina manodidina azy ireny. Mampiasa simenitra na vato mba hihazonana ny manodidina ny lava-drano na loharano ho maina hatrany, amin'izay mba tsy hirotsaka ao ny ranon'orana na rano mikoriana.

Raha toa ka voaloto ilay rano, ny ampahany lehibe amin'ny fisorohana ny aretim-pivalanana dia ny fampangotrahana na fitatavanana ny rano sotroina na hikarakarana sakafo. Zava-dehibe indrindra izany ho an'ny zazakely. Ny tavoahangy sy fitaovana fisakafoanan'ny zazakely dia tokony ampangotrahina Raha tsy afaka mampangotraka hatrany ny tavoahangy dia azo antoka kokoa ny mampiasa kaopy sy sotrokely. Ny fanasana tanàna amin'ny rano sy savony aorian'ny fangerena sy alohan'ny hisakafo na hikarakara sakafo dia zava-dehibe ihany koa.

FITSABOANA



FISOROHANA



Ny antony mateti-pitranga mahafaty ny zaza voan'ny aretim-pivalanana dia ny fahaverezan-drano be loatra eo amin'ny vatana (jereo p.151). Amin'ny alalan'ny fanomezana rano betsaka ny ankizy voan'ny aretim-pivalanana (tsara kokoa raha asiana siramamy na koba sy sira), azo atao tsara ny misoroka na manitsy ny fahaverezan-drano (jereo ny Zava-pisotro Famerenan-drano, p. 152).

Ny fanomezana rano betsaka ny zaza voan'ny aretim-pivalanana dia manan-danja kokoa noho ny fanafody. Raha ny tena marina, raha omena rano ampy tsara izy dia tsy mila fanafody ho an'ny fitsaboana ny aretim-pivalanana.

Ao amin'ny pejy roa manaraka dia misy karazany amin'ireo tranga hafa izay **matetika dia zava-dehibe kokoa ny mampiasa rano amin'ny tokony ho izy noho ny fampiasana fanafody.**

Ny Rano Ampiasaina Amin'ny Fotoana Mahamety
Azy dia Mahasoa Kokoa Noho ny Fanafody



FISOROHANA












hisorohana ny	mampiasà rano	jereo ny pejy
1. aretim-pivalanana, kankana, aretin'ny taova	ampangotraho na tatavano ny rano, sasao ny tanana, sns.	135
2. aretin-koditra	mandroa matetika	133
3. ratra izay lasa manonitra; tetanosy	Sasao tsara amin'ny savony sy rano madio ilay ratra	84, 89



FITSABOANA

hitsaboana	mampiasà rano	jereo ny pejy
1. aretim-pivalanana, fahaverezan-drano	misotro rano betsaka	152
2. aretina misy hafanana	misotro rano betsaka	75
3. hafanana ambony be	esory ny akanjo ary tondraho rano ny vatana	76
4. aretin'ny fivalanan-drano maivana (mateti-pitranga eo amin'ny vehivavy)	misotro rano betsaka	235
5. kohaka, asma, braonsita, pnemonia	misotro rano betsaka ary mievoka (hampihenana ny rehoka)	168



hitsaboana	mampiasà rano	Jereo ny pejy	
6. fery, vay mitsiranoka, Tsindohan'ny hoditra na hodi-doha, taikombindoha, bontsibontsina	diovy amin'ny savony sy rano madio	201, 202, 205, 211, 215	
7. fery manonitra, baivonto, vay	Alonay amin'ny rano mafana na lamba fonom-pery	88, 202	
8. hozatra sy tonon-taolana mihenjana na marary	lamba fonom-pery mafana	102, 173, 174	
9. fipitsohana sy mioritra	Ny andro voalohany: alonay ao anaty rano mangatsiaka ny tonon-taolana; avy eo dia rano mafana	102	
10. mangidihidy, may, na bontsibotsina eo amin'ny hoditra	lamba fonom-pery mangatsiaka	193,1 94	
11. fahamaizana madinika	ataovy ao anaty rano mangatsiaka eo no ho eo	96	
12. aretin-tenda na angine	gararaka amin'ny ranon-tsira matimaty	309	
13. asidra, hydroxide, loto, na akora mampangidihidy ny maso	Raraho rano mangatsiaka eo no ho eo ny maso, tohizo mandritra ny 30 minitra	219	
14. orona tsentsina	trohy amin'ny orona ny ranon-tsira	164	
15. mitohana, mafy tay	Misotro rano betsaka (ny fanadiovana tsinay dia mety kokoa noho ny fampivalanana, saingy aza atao be loatra)	15, 126	
16. mivoaka fanaviana	asio ranomandry mandritra ny minitra maro eo amin' ilay fanaviana vao mipotra	232	

Ho an'ireo tranga tsirairay voalaza ireo (ankoatra ny pneмония) raha ampiasaina amin'ny tokony ho izy ny rano dia tsy ilaina ny fanafody matetika. Ahitanao torohevitra maro amin'ny fitsaboana tsy imila fanafody ato anatin'ity boky ity. **Aza mampiasa fanafody raha tsy faran'izay ilaina.**